FANANTENAN'NY VEHIVAVY JANGA

Izay vao nitraka i Jesoa, ka nanao taminy hoe: «Ravehivavy, aiza ry zareo niampanga anao teo? Moa tsy nisy nanameloka anao va?» «Tsy nisy, Tompoko, hoy izy. Izaho koa tsy hanameloka anao, hoy i Jesoa. Mandehana, ka aza manota intsony.» JOANY 8:10-11

Ry zareo amin'izany tsy nitsahatra, fa mbola nanontany Azy ihany, ka nitraka Izy dia nanao taminy hoe: «Izay tsy manam-pahotana aminareo no aoka hitora-bato azy voalohany.» JOANY 8:7

Tsy tonga hiantso ny marina Aho, fa ny mpanota hibebaka. LIOKA 5:32

MISY FAHAMARINANA EFATRA TOKONY HO TAKATSIKA TANTERAKA:

1 TIA ANAO ANDRIAMANITRA.

TIAN'ANDRIAMANITRA HANANA FIAINANA MANDRAKIZAY MIARAKA AMINY ANY AN-DANITRA IANAO.
Fa fatratra tokoa ny fitiavan'Andriamanitra izao tontolo izao: ka nomeny ny Zanany tokana, mba tsy ho very izay rehetra mino Azy, fa hanana ny fiainana mandrakizay. JOANY 3:16

TIAN'ANDRIAMANITRA HANANA FIAINANA BE DIA BE SY MISY DIKANY IANAO.
Ny mpangalatra no tonga mba hangalatra sy hamono ary handringana, fa Izaho no avy kosa dia mba hananan'ny ondry fiainana, sady hananany azy be dia be. JOANY 10:10

MARO ANEFA NO TSY MIAINA FIAINANA MISY DIKANY ARY TSY MAHATOKY NY FIAINANA MANDRAKIZAY SATRIA...

2 NY OLOMBELONA DIA MPANOTA ARAKA NY NATIORA. KOA TAFASARAKA AMIN'ANDRIAMANITRA ISIKA.

Fa samy efa nanota ihany izy rehetra, ka tsy manana ny voninahitr'Andriamanitra. RÔMANINA 3:23

Fa ny fahafatesana no tambin'ny ota... RÔMANINA 6:23

- FAHAFATESANA ARA-BATANA
Ary toy ny nandraiketana ny olona ho faty indray mandeha sy hotsaraina rehefa afaka izany. HEBRIO 9:27

- FAHAFATESANA ARA-PANAHY
Fa ny kanosa kosa, sy ny tsy mino, ny tsy valahara, ny mpamono olona, ny mpijangajanga, ny mpimasy, ny mpanompo sampy, mbamin'ny mpandainga rehetra, dia any amin'ny farihy afo aman-tsolifara mirehitra no ho anjarany; izany no fahafatesana faharoa.
APÔKALIPSA NOSÔRATAN'I MD JOANY 21:8

RAHA TAFASARAKA AMIN'ANDRIAMANITRA NY OLONA NOHO NY FAHOTANY, INONA NO VAHAOLANA AMIN'IZANY OLANA IZANY? MATETIKA ISIKA NO MIHEVITRA IRETO HO VAHAOLANA:

FIVAVAHANA, ASA SOA, FITONDRAN-TENA

IRAY IHANY ANEFA NY VAHAOLANA OMEN'ANDRIAMANITRA.

3 JESOSY KRISTY NO HANY LALANA MANKANY AN-DANITRA.

IZANY NO NOLAZAIN'ANDRIAMANITRA.
Ary hoy i Jesoa taminy: Izaho no lalana sy fahamarinana ary fiainana; tsy misy olona mankany amin'ny Ray afa-tsy amin'ny alalako. JOANY 14:6

JESOSY KRISTY DIA NANEFA TANTERAKA NY SAZY NOHO NY FAHOTANAO.
Na i Kristy koa aza, niaritra fahafatesana indray mandeha noho ny otantsika, dia Izy marina ho an'ny tsy marina, mba hanolorany antsika amin'Andriamanitra, ka novonoina tamin'ny nofo Izy, fa novelomina tamin' ny fanahy. 1PIERA 3:18

ANDRIAMANITRA DIA MANANA NY FAMPANANTENANA NY FIAINANA MANDRAKIZAY.
Izay mino ny Zanaka no manana ny fiainana mandrakizay, fa izay tsy mino ny Zanaka dia tsy hahita ny fiainana, fa itoeran'ny hatezeran'Andriamanitra. JOANY 3:36

TSY AMPY ANEFA NY MAHAFANTATRA IZAY NATAON'I JESOSY KRISTY HO ANTSIKA.

4 TSY MAINTSY MAMETRAKA NY FINOANTSIKA AMIN'I JESOSY KRISTY TOMPO HO FAMONJENA ANTSIKA ISIKA.

NY FAHASOAVAN'ANDRIAMANITRA DIA TANTERAKA AMIN'NY ALALAN'NY FINOANA AN'I JESOA KRISTY NY FAMONJENA ANTSIKA.
Satria fahasoavana no namonjena anareo, ka tsy avy aminareo izany, fa fanomezana avy amin'Andriamanitra, tsy avy amin'ny asa, fandrao misy mirehareha. EFEZIANINA 2:8-9

ATAOVY IZAO VAVAKA IZAO AMIN'ANDRIAMANITRA AMIM-PINOANA: JESOSY TOMPO Ô, MISAOTRA INDRINDRA NOHO NY FITIAVANAO LEHIBE AHY. MIAIKY AHO FA MPANOTA ARY MANGATAKA FAMELAN-KELOKA. MISAOTRA ANAO MATY TEO AMIN'NY HAZO FIJALIANA MBA HANDOAVANA NY SAZY NOHO NY FAHOTAKO. MINO NY FITSANGANANAO AMIN'NY MATY AHO. MANOMBOKA IZAO DIA MATOKY ANAO HO TOMPO SY MPAMONJY AHY AHO. EKEKO NY FANOMEZANAO NY FIAINANA MANDRAKIZAY ARY ATOLOTRO ANAO NY FIAINAKO. AMPIO AHO HANKATÒ NY DIDINAO SY HANKASITRAHANAO EO IMASONAO. AMEN.

RAHA MINO AN'I JESOA KRISTY IANAO DIA IZAO NO NITRANGA TAMINAO:

- MANANA NY FIAINANA MANDRAKIZAY MIARAKA AN'ANDRIAMANITRA IANAO.
Satria izao no sitrapon'ny Raiko Izay naniraka Ahy, dia ny mba hahazo ny fiainana mandrakizay izay rehetra mahita ny Zanaka ka mino Azy, ary Izaho hanangana azy amin'ny farandro. JOANY 6:40

- VOAVELA NY HELOKAO REHETRA. (TALO, ANIO, HO AVY)
Tamin'Izy nanafaka antsika tamin'ny fahefan'ny maizina, ka namindra antsika ho ao amin'ny fanjakan'ny Zanany malalany, dia Izy kosa no ananantsika ny fanavotana sy ny famelana ny fahotantsika.
KÔLÔSIANINA 1:13-14

- ZAVABOARY VAOVAO TANTERAKA IANAO EO IMASON'ANDRIAMANITRA. IZANY NO FIANDOHAN'NY FIAINANAO VAOVAO.
Noho izany, na iza na iza ao amin'i Kristy, dia zava-boaary vaovao izy, ka lasa ny zavatra taloha, fa indro tonga vaovao ny zavatra rehetra.
2 KÔRINTIANINA 5:17

- ZANAK'ANDRIAMANITRA IANAO IZAO.
Fa izay rehetra nandray Azy dia nomeny fahazoana ho tonga zanak'Andriamanitra, dia izay mino ny Anarany. JOANY 1:12

TSY FOMBA HAHAZOANA FAMONJENA NY FANAOVANA ASA SOA, FA POROFON'NY FAMONJENA ANTSIKA.
Satria fahasoavana no namonjena anareo, ka tsy avy aminareo izany, fa fanomezana avy amin'Andriamanitra, tsy avy amin'ny asa, fandrao misy mirehareha. EFEZIANINA 2:8-9